# Ilay Voa Tsara Nafafy 16 Oktobra 2020

# 16 **Zoma** oktobra

**Koa raha ny Zanaka** ***(ny Zanak'Andriamanitra)*** **no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo.**
Jaona 8. 36

**Ho amin'ny fahafahana no nanafahan'i Kristy antsika.** Galatiana 5. 1

### Fahafahana manao ahoana ?

Olona maro no nanao vy very ny ainy, ka indraindray namoy izany, tamin'ny fikatsahana ny fahafahana. Azo antoka fa misy fahafahana ara-politika bebe kokoa amin' izao fotoana izao, any amina firenena maro, miohatra amin'ny tamin'ny taonjato lasa. Nefa io ve no tena fahafahana ? Isika rehetra ve tsy voataona-na fironana maro isan-karazany, ka andevozin'izany, voagejany amina fomba samihafa, kanefa tsy mahatsapa izany akory, matetika ?

Nisy Lehilahy iray nampiseho ny tena fahafahana, dia Jesosy Kristy. Hitantsika ao amin'ny Filazantsara Izy, Ilay olona lavorary : tsy ny hahafaly ny manodidina Azy no laharam-pamehany. Tsy nisy na iray aza, teny na asa nataony noho ny fahatahorany ny hafa. Ny fitiavany an'Andriamanitra sy ny olona no hany antom-piainany. Ireo mpanaratsy Azy aza dia niteny hoe : „Fantatray fa marina Ianao, ka mampianatra marina ny làlan'Andriamanitra" (Matio 22. 16).

Nanambara Jesosy hoe : „Ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo" (Jaona 8. 32).

Fahafahana manao ahoana anefa io ? Ny fahafahana, ho an'ireo mino an'i Jesosy Kristy, dia ny fahafahana manao izay mahafaly Ilay tian'izy ireo. Nafahana „tamin'ny fahefan'ny maizina" (Kolosiana 1. 13) izy ireo, nafahana tamin'ny herin'ny ota. Tsy toy ny taloha intsony izy ireo, hoe „andevon'ny filana sy ny fahafinaretana maro" (Titosy 3. 3). Efa nomena azy ankehitriny ny hery hanaovany izay mahafaly ny Tompony ; fa amin'ny fomba ahoana ? Mangataka aminy io hery io, amin'ny vavaka, mamaky tsara ny Baiboly, tonga saina fa malemy.